

ce 17-07-24
fce PV
✓
PVW 07
(Chiterex)



REPOUBLIKAN'I MADAGASKARA
Fitianena - Tanindrezana - Fandrosoana



ASSEMBLÉE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

FOTOAM-PIVORIANA MANOKANA
TAONA 2024

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-7

LANONAM-PAMARANANA NY FOTOAM-PIVORIANA MANOKAN'NY
ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2024

Fivoriana faha-7
Natao ny
Zoma 12 Jolay 2024
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa TOKELY Justin

MPITANTSORATRA: - Andriamatoa RIVOTIANA Jean Bosco
- Ramatoa SOAFILIRA Princia

FOTOANA: Zoma 12 Jolay 2024, tamin'ny 12 ora sy 20 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana manokan'ny Antenimierampirenena, taona 2024.

Nitohy ny Zoma 12 Jolay 2024, tamin'ny 12 ora sy 20 minitra, atoandro, ny fivoriana Antenimierampirenena.

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

Andriamatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivorantsika.

Izao dia omeko an'Andriamatoa Kestora Voalohany, ny fitenenana mba hahafahany mamaky ny Didim-panjakana nampiantso antsika an'izao fivoriana izao.

langaviana ianao, Andriamatoa Kestora, mba hamaky ny andininy mikasika ny famaranana an'ity fivoriana ity satria hiditra amin'ny famaranana ny fivoriana isika izao.

- 2 -

- Famakiana ny Didim-panjakana laharana faha-2024-1350, andininy faha-3 milaza ny famaranana ny fivoriana manokan'ny Antenimierampirenena -

Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba antsika rehetra.

«Décret 2024-1350 portant convocation de l'assemblée nationale en session spéciale du 3 juillet 2024.

Article 3: la session spéciale sera close après épuisement de l'ordre du jour».

- 3 -

- Kabarin'Andriamatoa FILOHA -

Andriamatoa FILOHA

Misaotra, an'Andriamatoa Kestora Voalohany, tamin'ny namakinao ny andininy amin'ny Didim-panjakana izay nampiantso antsika an'izao fivoriana izao.

Araka ny andininy izay novakian'Andriamatoa Kestora Voalohany teo dia vita ny fandaharam-potoana rehetra izay niantsoana antsika amin'izao fotoana izao, koa hiditra amin'ny famaranana ny fivoriana izay nataontsika teto nanomboka ny Talata 9 Jolay 2024 ka hatramin'ity Zoma 12 Jolay 2024 ity isika izao.

Eo anatrehan'izany ry Solombavambahoaka hajaina isany dia tiako ny mitondra fisiorana ho anareo izay tonga niatrika ny fivoriana, nandray anjara tamin'ny asa rehetra nataontsika teto, indrindra fa ireo Solombavambahoaka nirotsaka tamin'ny fididianana hipetrahana amin'ny toerana maro samihafa nataontsika teto. Teo ny mikasika ny Birao Maharitra, ireo izay ho Filohan'ny Vondrona Parlemantera ato amin'ity Antenimierampirenena ity.

Isaorana tokoa ianareo izay nirotsaka hofidina satria matoa ianareo niditra ho kandidà dia olona vonona handray andraikitra.

Eto dia miarahaba antsika rehetra izay lany na izany tao amin'ny Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra na ireo Filohan'ny Vaomiera Maharitra maro samihafa izay vao nataontsika teo. Enga anie ka hahavita antsakany sy andavany ny andraikitra sy ny adidy napetraka aminareo ianareo.

Isaorana koa ianareo Solombavambahoaka namana, hajaina, na tsy nirotsaka hofidina tamin'ireny toerana sy andraikitra ireny kanefa nandray anjara tamin'ny latsabato satria na dia nirotsaka hofidina aza ireo Solombavambahoaka ireo, raha ohatra tsy nify ianareo, tsy tontosa araka izao hitantsika izao ny zavatra rehetra nataontsika teto. Koa misaotra eram-po sy eran-tsaina ho anareo Solombavambahoaka namana izay nandray anjara tamin'ny fididianana.

Eto dia tiako ny manambara fa na telo andro no niasantsika teto, betsaka ny zavatra vitantsika. Nandany ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena isika, izay nahitana andininy maromaro, nahatratra tany amin'ny 200 isa tany ny andininy tao kanefa vitantsika soa aman-tsara izany. Nohatsaraina izany ary isaorana ireo mpikambana tao amin'ny "commission ad'hoc" izay notarihin'Andriamatoa Kestora Koalohany.

Omentsika tehaka indray mandeha ny "commission ad'hoc" izay niasa mafy tokoa.

- Tehaka -

Isaorana manokana ny Solombavambahoaka voafidy tao Fianarantsoa I, Ramatoa SAHONDRARIMALALA Marie Michelle, omentsika tehaka izy sy Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle izay isany nanao "conception" ny fanatsarana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

- Tehaka -

Vitantsika ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, voafidy ireo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena, voafidy ihany koa ireo Filohan'ny Vaomiera MaharitrA eto amin'ny Antenimierempirenena.

Izay raha fintinina ireo asa goavana izay nataontsika nandritry ny telo andro. Tsy nandriantsika andro aman'alina izany, matetika tamin'ny 1 ora, maraina, isika vao niala teto. Angamba tsy mety raha tsy hitondrana teny fisaorana ho antsika rehetra ato amin'ity Antenimierampirenena ity izany.

Amin'izao famaranana ny fivorantsika izao dia hiverina any amin'ny Distrika misy antsika tsirairay avy isika. Noho izany, mitondra ny teny firarian-tsoa ary rariny tokoa raha mirary mba ho tonga soa aman-tsara, tsy ho tafitohina eny an-dalana ianareo sy ny mpiara-dia aminareo, ka ho tonga soa any amin'ny Distrika niavintsika tsirairay avy. Ho tonga soa aman-tsara any amin'ny tokantranantsika anie isika.

Mialatsiny izahay Birao Maharitra sy ny mpiasa ato amin'ny Antenimierampirenena raha ohatra nisy ny tsy fahatomombana tamin'ny fandraisana na koa nisy ny tsy lafatra tamin'ny fikarakarana antsika nandritra ity fivoriana ity satria izao isika vao nananomboka ary izao vao napetraka ny tomponandraikitra maro samihafa amin'ity Antenimierampirenena ity, ka mety nisy zavatra tsy nahafa-po antsika.

Ialana tsiny aminareo fa hiezaka izahay amin'ny fotoam-pivorianana manaraka hanatsara sy hanarina izay mety ho lesoka nandritry ny fivahinianantsika teto Antananarivo sy nandritry ny fivoriana izay nataontsika teo iny.

- 4 -

- Fifaranan'ny fivoriana -

Andriamatoa FILOHA

Izay no ela, Tompokolahy sy Tompokovavy.

Ambarako fa mifarana amin'ny fomba ofisialy ny fivoriana izay nataontsika Solombavambahoaka androany Zoma 12 Jolay 2024.

Nifarana tamin'ny 12 ora sy 25 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

NY FILOHA
TOKELEY JUSTIN

